# Ilay Voa Tsara Nafafy 10 Jona 2018

**10** **Alahady**
jona

**Ary Maria, rehefa naka menaka manitra nisy narda sady tsara no sarobidy, lanjan'iray livatra, dia nanosotra ny tongotr'i Jesosy sy namaoka ny tongony tamin'ny volon-dohany ; ary feno ny hanitry ny menaka ny trano.** Jaona 12. 3

**Fitsaohana**

*Tsara vakina : Jaona 12. 1-8*

Maria avy any Betania dia nahafantatra an'i Jesosy ho Ilay Mesia. Tia mihaino Azy izy (Lioka 10. 39). Tonga izy hivavaka aminy sy hilaza aminy ny alahelony, hoe : „Tompoko, raha teto Ianao, dia tsy maty ny anadahiko" (Jaona 11. 32).

Ny andinin-tSoratra Masina anjarantsika androany dia manambara fihaonana iray hafa, tao an-tranona namana iray. Nisy olona vitsivitsy niara-nisakafo tamin'i Jesosy tao. Nefa olona iray ihany no nanan-danja tamin'i Maria, dia Ilay Mpanavotra azy, Ilay Kristy. Koa nandraraka menaka manitra lafo vidy teo amin'ny tongotr'i Jesosy izy, mba hanomezany voninahitra Azy. Ho faty Jesosy, hatao tsinontsinona, hoesoina, hokapohina ary hijaly eo amin'ny hazofijaliana. Nanindrimandry an'i Maria izany rehetra izany, ka nomeny an'i Jesosy, talohan'ny hahafatesany, io menaka manitra lafo vidy io, izay nanintona ho eny amin'i Jesosy ny eritreritra sy ny mason'ny olona rehetra nasaina teo.

Voninahitra, haja ary fiderana : izany no tian'i Maria natolotra an'Ilay fantany ho ny Mesia, Ilay „fananganana ny maty sy fiainana" (Jaona 11. 25). Tena nanohina ny Tompo tokoa izany fihetsika sy fanehoam-pitsaohana izany !

Nanome tsiny an'i Maria ny olona sasany teo, fa ny Tompo kosa niaro azy ampahibemaso. Nankasitrahiny io fihetsika mifono fitiavana sy fanajana lalina io, fihetsik'olona nahatsapa ny fahalehibeazan'Ilay Mpamonjy azy.

Aoka isika hianatra izao ohatra izao, ka hiara-itsaoka ny Tompo, rehefa alahady. Tian'ny Fanahy Masina ny hanomana ampahany amin'izany menaka manitra izany ao am-pontsika, mandritra ny herinandro. Ho faly isika handraraka izany mandritra ny fitsaohana, eo amin'ny tongotr'i Jesosy. Izany no ho anjara raisintsika amin'ny fiderana iombonana.